Fanatanterahana ny fifidianana 2
**Tsy mbola milamina mazava ny momba izany hatreto**

Analalava : Fikambanana FILEA 6
**Tadiavin'ny mpitondra any an-toerana ho ravàna**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 3 septambra 2022 Laharana 1339 Vidiny : **500 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Vondrona Eoropena 2
**Manahy ny fifidianana ho avy amin'ny 2023**

Raharaha Ikongo 3

## Tokony hiala ny ministry ny fiarovana, ny fitsarana, ny polisy ary ny zandary



Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara FFKM 2

## Miantso ny manampahefana hampitsahatra ny herisetra



Tim Frantsa, Vehivavy TIM Frantsa 2

## Nanolotra fitaovampianarana ho an'ireo ankizy miisa 200




Mpianatra ao anatin'ny Grand Sud-Est Fédéral Fianarantsoa 3

## Manameloka ny vonomoka tany Ikongo




Fiangonana Zandriny iray 6
**Pasitera veta nanolana tovovavy miisa 3**

Vitrine du Vakinankaratra 8
**Ho tanterahana any Antsirabe ny 08 ka hatramin'ny 10 septambra**

**Daka kely**



Ary toa nangingina mihitsy nareo zany ry Boaikely a !

TIM FRANTSA, VEHIVAVY TIM FRANTSA

# Nanolotra fitaovam-pianarana ho an'ireo ankizy miisa 200

Tsy mijery fotsiny ireo Malagasy mpiray tanindrazana aminy tratry ny fahasahiranana ny TIM Frantsa sy ny Vehivavy TIM Frantsa fa mitsinjo ka mitondra izay voatsirambin'ny tanany hanampiana azy ireo. Tamin'ny fetin'ny fahaleovantena ny 26 jona teo ny vehivavy TIM Frantsa dia nanolotra akanjo mafana, fitafiana ary sakafo ho an'ireo mponina miisa 150 teny Akadikely Avaradrano. Ankehitriny, mahatsapa izy ireo fa mandalo fahasahiranana ireo Ray amandreny amin'izao hakatoky ny fidiran'ny mpianatra izao, dia nanolotra fitaovam-pianarana ho an'ireo ankizy miisa 200 izy ireo toy ny kitapo, trousse, stylo, crayon ary labozia sy afokasoka satria hiaraha-mahalala delestazy ankehitriny. Ankizy mandrafitra ny faritra Analamanga no nisitraka ny fanomezana, ka tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM tao Bel Air Ampandrana no nizaràna izany. Nikarakara nanomana ny fizaràna ireo fitaovana tamin'izany ny vehivavy TIM Analamanga izay tarihin'i Arphine Rahelisoa sy ireo birao mandrafitra ny distrika Avaradrano, Atsimondrano, Ambohidratrimo ary ny boriborintany 6 eto Antanarivo Renivohitra. Tonga nanolotra ny fanomezana fitaovan'ny mpianatra tamin'izany ny SG ny antoko TIM Rina Randriamasinoro sy ireo birao politika miaraka aminy. Zava-dehibe hoy Rina Randriamasinoro izao fanampiana izao, izay hisaorana ny mpanome nahafoy vola sy fitaovana ho an'ny mpiray tanindrazana aminy. Fa ny filohan'ny TIM Analamanga ihany koa dia nisaotra ny vehivavy TIM Frantsa sy ny TIM Frantsa, hiriana hatrany hoy izy ny hisian'ny fiarahamiasa toy izao. Maro koa ny adidy miandry ka ilaina foana ny fifanohanana amin'ny lafiny rehetra. Nisaotra ihany koa ireo vehivavy TIM Analamanga i Arphine Rahelisoa tamin' ny nahatontosàna izao fizaràna fitaovana ho an'ny ankizy izao satria tsy mora ny manao zavatra.



**Ny Valosoa**

Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara FFKM

# Miantso ny manampahefana hampitsahatra ny herisetra

Manoloana ny zavatra nitranga namoizana ain' olona maro teto amin'ny firenena, izay ny farany indrindra tamin'izany ny vonomoka natao tamin' ireo mponina tany Ikongo, dia namoaka fanambaràna iombonana ny FFKM na ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara. Nisongadina tao anatin'ny hafatra ny fiantsoana ny manam-pahefana eto amin'ny firenena mba hampitsahatra ny herisetra. Teo ihany koa ny Ray amandreny ampanahy izay nanamafy ny antso nataony farany ny 17 jolay 2022 ny tokony hifanatonan'ny mpitondra fanjakàna sy ireo hery velona eto amin'ny firenena, hifampidinika sy hiaraka hientana hijerena hifotony ny olana ka hitadiavana vahaolana maharitra ho an'ny firenena.

**Helisoa**



Nodimandry ny senatera Fiandraza

# Misaona ny Antenimierandoholona

Misaona ny Antenimierandoholona eto Madagasikara, nodimandry afak' omaly alina ny senateran'i Madagasikara voafidy tany amin'ny Faritanin'i Toliara teo aloha Fiandraza. Nisy ny lozam-pifamoivoizana nahazo ny fiarakodia nitondra azy tany Ihosy faritra Ihorombe ny herinandro lasa teo, raha avy any Ambovombe Androy izy tamin'izay, nivadibadika ny fiarakodia nitondra ity loholon'i Madagasikara ity. Nanaraka fitsaboana teny Ilafy izy tao aorian'izay, saingy izao tsy tana izao ny ainy. Efa depioten'i Madagasikara voafidy tany amin'ny distrikan'Ambovombe Androy i Fiandraza fahavelony, efa governoran'ny faritra Androy, efa Praiministra lefitra ihany koa izy. Senateran'i Madagasikara voafidy tany Toliara, no andraikitra farany notazoniny mialoha izao fodiamandriny izao, senatera nisolo ny senatera nodimandry Eongobelo Marcel izy. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

**Isambilo**



*Ny senateran'i Madagasikara Fiandraza fahavelony.*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fanatanterahana ny fifidianana

# Tsy mbola milamina mazava ny momba izany hatreto

Ankoatra ny fiandrasana izay ho fanadihadiana nambara fa efa nosokafana momba ny zava-nitranga marina tany Ikongo, dia mbola mitoetra ho adihevitrabe eto amin'ny firenena ny momba ny amin'izay ho fanatanterahana ny fifidianana amin'ny taona 2023. Hatreto na misy aza ny asa ataon'ny eo anivon'ny Ceni na ny amin'izay hanombohana ny asa amin'izany, dia mbola hita fa tsy mivaha ny olana miteraka ny ahiahin'ny olom-pirenena indrindra ny mpanohitra. Anisan'izany ny amin'izay hampagarahara marina sy hampadio ny fifidianana. Ny ahiahy tsy ihavanana, ary izay no mitoetra hatreto eo amin'ny fitondrana, ankilany, sy ny mpanohitra sy ny mitovy hevitra aminy rehetra andaniny. Mbola mitombina hatreto, raha ny fahitana ny raharaha ny ahiahy samihafa, manoloana ny zava-nisy tamin'ny fifidianana rehetra teo aloha nahafahan'izao fitondrana izao tonga teo amin'ny toerana. Raha tsiahivina, anisan'izany ny « doublon » tamin'ny lisi-pifidianana, raha tsy hilaza afa-tsy izany ihany, satria niaraha-nahalala tsara ireo paipaik'ady samihafa nitranga nanerena ny voka-pifidianana hifanaraka amin'ny kinendrin'ireo te-handrombaka ny fitondrana.
Vao mainka nanamafy ny ahiahin'ny maro ihany koa anefa tato ho ato ny zava-nitranga teny anivon'ny fokontany maro samihafa tamin'ny fisian'ny fanoloana sefo fokontany. Tranga izay niseho miditra amin'izao fanomanana ny fifidianana izao izany ary mampametra-panontaniana ny maro hoe : fa nahoana no amin'ny fotoana toy izao no anaovana izany. Amin'izay indray ny hetahetam-bahoaka toa zary iniana tsy henoina, toy ny fametrahana ny sefo fokontany amin'ny alalan'ny fifidianana ataon'ny mponina ao amin'ilay fokontany fa tsy tendrena avy any amin'ny tomponandraikitra ambony akory. Mazava loatra, fa tsy miàla ao anatin'izany tranga izany ny kajikajy politika maloto na inona fanazavana ne inona. Izany toe-javatra izany, dia mitarika ny sain'ny olom-pirenena tsy hahatoky ny fanatanterahana ny fifidianana izay takin'ny vahoaka.
Na ny fikasana hanao refonte ny lisi-pifidianana, na ny fanentanana ataon'ny Hcc, na izay fanovàna ny lalam-pifidianana sns… koa anefa dia tsikaritra, fa mbola tsy ampy hametraka ny fitokisana ny hampamangarahara sy madio marina ny fifidianana izay hotanterahina eto amin'ny firenena amin'ny hoavy. Mbola sarotra ny hino fa ny hetahetam-bahoaka marina no hivoaka eo. Hatrany amin'ny fitaovana fanisam-bato eny anivon'ny Ceni aza mbola mampanahy ny mpanadihady satria toa tsy misy resaka ny amin'izany, fa ny nampiasain'ireo mpikambana teo aloha ihany no ao. Manampy izany, ny fanakianana na fanamarihana nataon'ny iraka eoropeana mpanara-maso momba ny fizotry ny fifidianana teo aloha dia zary nanorisory ny avy eo anivon'ny fitondrana, fa tsy mba noraisiny amin'ny fomba fisainana misokatra mandala ny hanatsara ny fanatanterahana ny fifidianana eto amin'ity firenena ity. Miankina amin'izany anefa ny handrosoan'ny firenena.

**Sôh'son**

Vondrona Eoropeana

# Manahy ny fifidianana ho avy amin'ny 2023

Tsy manamafy ny fahatokisan'ny mpifidy ny fanatanterahana fifidianana aminy fomba demokratika ny fanendrena sy ny fisian'ireo olona akaiky ny fitondrana aminy toerana azo ahafahana manova ny valim-pifidianana hoy ny vondrona Eropeanina tao anatin'ny tatitry ny iraka fanaraha-maso ny fifidianana eto Madagasikara. Na dia nanaraka ny rafitra apetraky ny lalam -panorenana sy ny lalàna aza ny fanendrena ny Filohan'ny CENI sy ny HCC dia olona akaiky ny fitondrana ireo notendrena ireo hoy ny tatitry ny iraky ny vondrona Eropeanina. Betsaka raha ny nambarany tatitra ny zavatra izay mampiseho ny tsy fisian'ny fahafahan'ny rehetra mandray anjara sy mifampiresaka eo aminy sehatra Politika. Ny soso kevitra 18 tamin'ireo 27 naroson'ireo iraky ny vondrona Eropeanina taorian'ny fanaraha maso ny fifidianana ny taona 2018,izay nila fanovàna na fanatsarana araky ny lalàna na araky ny lalampanorenana dia tsy tanteraka araky ny tokony ho izy raha araky ny tatitra nivoaka Isan'izany ny tsy maha mahaleo tena ny CENI ny tsy fanomezahana antoka ny fahafahana maneho hevitra ho an'ny asa fanaovan-gazety sy fanaraha-maso ny fampiasam-bola eo aminy sehatra Politika. Tamin' ireo Olona 36 nilatsaka ho fidiana filoham-pirenena ny taona 2018 dia ny 7 no nanokatra kaonty tany amin'ny banky ilaina ho an'ny fampielezan -kevitra raha io tatitra io ihany. Ny 86,6% ny vola amin'izany dia nambara fa vola manokana na apport personnel izay tsy angatahana fanazavana ny tena fihaviany ka tena mampasarotra ny fijerena ny fiavian'ireo vola miodina aminy fampielezan -kevitra. Isany tsy napetraka momba ny CENI ohatra ny tokony nametrahana azy ho andrim-panjakana na institution d'état sy ny Fahafahany mamaritra ny teti andro aminy fifidianana toy ny ataon'ny CENI taminy andron'ny Tetezamita. Manamarika ny iraky ny mpanara maso ny fifidianana aminy maha zava dehibe ny fanovàna tanteraka ny sehatra araky ny Lalàna mahakasika ny fifidianana mba ahafahana manitsy ireo rehetra tsy nety nandritra ny fifidianana sy ny fanajana ny zom-pifidianana rehetra. Arak'Izany dia Mametraka ny ahiahy tanteraka aminy mety ho fizotry ny fifidianana aminy taona 2023 ny vondrona Eropeanina raha io tatitra nivoaka omaly io..

**Ny Valosoa**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaha Ikongo

# Tokony hiala ny ministry ny fiarovana, ny fitsarana, ny polisy ary ny zandary

Raharaha fandripahana olona tany Ikongo faritra Fitovinany, tokony hiala ireo ministra tompon'andraikitry ny filaminana sy ny fandriampahalemana eto amintsika dia ny ministry ny fiarovam-pirenena, ny ministry ny fitsarana, ny ministry ny polisy ary ny sekreteram-panjakana misahana ny zandarimariam-pirenena, satria tsy mahavita ny adidiny intsony izy ireo. Raha ny hamoritra ny tsy mitovy hevitra amin'ny fitondrana dia hain'izy ireo izany, fa raha hitandro ny filaminana sy ny fandriampahalemana manerana ny Nosy mihitsy dia azo lazaina ho aotra (0) ny naoty, na ny isa azo omena azy ireo. Raha vao misy ny hetsiky ny mpanohitra, na ny hetsiky ny tsy mitovy hevitra amin'ny fitondrana, rezimanta be tsy misy toy izany no hahetsika: OMC mihitsy, izany hoe vondron'ny mpitandro filaminana: miaramila, zandary ary polisy avy hatrany no hehetsika hanakana ny hetsika fanehoan-kevitra am-pilaminanana atao. Misy ny baomba mandatsadranomaso na lakrimôzena sy bala fingotra ampiasain'izy ireo. Fa nahoana tamin'ny hetsiky ny vahoaka tany Ikongo, tsy nisy izany baomba mandatsa-dranomaso izany, na bala fingotra, nanaparitahana ireo vahoaka nitaky ny famoahana ireo jiolahy hatao fitsaram-bahoaka, fa tonga dia bala tena izy no nitifirana ireo mpanao fihetsiketsehana tany an-toerana. Tompon'andraikitra tsy afa-miala amin'izany ny ministra rehetra misahana ny filaminana sy ny fandriampahaelmana dia ny ministry ny fiarovam-pirenena, ny ministry ny polisy, ary ny misahana ny zandarimariam-pirenena. Dokotera ao aorian'ny zavatra efa mitranga, mba tsy ilazana hoe dokotera ao aorian'ny fahafatesana hatrany izy ireo, toy ny nitranga tany Ambolotarakely Ankazobe, ny tany Ifanadiana, ary izao tany Ikongo izao. Efa nahavita ny zava-dratsy nataony hatrany ny jiolahy, vao mody mandray fanapahan-kevitra izy ireo. Manginy fotsiny ireo miaramila, zandary, polisy tsy voafehy amin'ny asany. Ny any antampony mihitsy no matsatso matoa mivoana ireo olom-pehezin'izy ireo. Vao omaly no ho omaly no nanao ny nataony ny zandary kôlônely iray talen'ny kabinetran'ny faritra tany Maintirano faritra Melaky. Namaky ady tamin'ny polisy, namoaka ny mpampiliny tany am-balam-pamonjana kely na violon. Miaramila roa namono zandary tany Imerintsiatosika distrikan'Arivonimamo faritr'Itasy andro maromaro lasa izay, raha tsy hilaza afa tsy ireo. Manao ny ataony ireny miaramila madinika na lehibe ireny, satria ny avy any an-tampon'ny fifehezana mihitsy no tsy mahafehy ilay resaka filaminana sy fandriampahalemana intsony. Momba ny ministry ny fitsarana indray, efa volana maromaro no nandalo teto amintsika ny rivo-doza ka nahasimba ny fonjan'Ikongo, nahoana no tsy namboarina izany, fa ny fonjan'i Sainte-Marie any amin'ny faritra Analanjirofo indray, no nahamaika ny nanao sy ny nandoko azy ho volon-daoranjy? Vokany, gadra maro efa ho 100 mahery no nivoaka ny fonjan'Ikongo, tsy nandositra, fa nivoaka fotsiny tamin'izao, satria malemy ny fefin'ny fonja. Ny gadra nandositra ny fonjan'i Farafangana faritra Atsimo Atsinanana volana maromaro izay, maro amin'izy ireny no mbola tsy voasambotra dia izao indray voafonja maromaro any Ikongo mbola tsy tratra. Ny dikany, misy zavatra tsy milamina mihitsy ao amin'ny ministeran'ny fitsarana ao, ka fahendrena no mametra-pialana ihany koa ho an'ny ministry ny fitsarana. Raha tena hendry sy manaraka ny fenitra Repoblikana ireo ministra 4 misahana ny filaminana sy fandriampahalemana eto amintsika ireo, tokony hahatsapa tena izy ireo ka hanipy gant na fonon-tanana, satria izy ireo mihitsy no efa tsy izy intsony. Am-bava homana ampo mierotra !

***Ny Valosoa***

## NY TENY FIAINANA

"Izaho no mofon'aina."

*Jaona 6:48*

Fifidianana amin'ny taona 2023

# Fidio aloha ny sefo fokontany hoy Alain Ratsimbazafy

Manoloana ny fanavaozana ny lisi-pifidianana eto Madagasikara izay niteraka resabe tamin'ny fifidianana farany teo teto Madagasikara dia naneho ny heviny ny solombavambahoaka Alain Ratsimbazafy voafidy teny amin'ny distrikan' Antananarivo atsimondrano fa tokony soloina amin'ny alàlan'ny fifidianana aloha ireo sefo fokontany fa tsy tendrena toy ny teo aloha intsony. Misy akony amin'ny fatokisan'ny vahoaka amin'ny fifidianana mantsy izay sefo fokontany lanim-bahoaka satria mba mihena amin'izay ny hala-bato. Raha tsiahivina mantsy dia miainga eny anivon'ny fokontany ny lisitry ny mpifidy ary tonga any amin'ny ambaratonga samihafa. Anisan'ny sakana amin'ny tsy fahavitrihan'ny olona tonga mifidy mantsy ny lisi-pifidianana satria tsy matoky ny vahoaka. Andrasana arak'izany ny fandraisan'ny fanjakana andraikitra momba ity fifidianana sefo fokontany ity satria antoky ny fahamarinana sy ny fangaraharana io manoloana ireo hosoka sy hala-bato mateti-pitranga teto amintsika.

***Ny Valosoa***



*Ny depiote Alain Ratsimbazafy.*

## Famoizana aina sy naratra tany Ikongo

# Samy mena ny firenena sy ny mpitandro ny filaminana

Manoloana ny tranga fitifirana olona tany Ikongo ka nahafatesana sy naharatrana olona maro dia naneho ny heviny ny solombavambahoaka Fetra Razafitsimialona voafidy tao amin'ny boriborintany fahadimy eto Antananarivo renivohitra ,fa tsy matoky ny mpitandro filaminana sy ny fitsarana intsony ny vahoaka malagasy ka nahatonga ireny amboletra tany Ikongo ireny. Manahy mantsy izy ireo fa ho votsotra fotsiny ireo naka an-keriny ilay zaza varira sy namono ny reniny ka rariny ra maty mitovy aminy koa ireo efadahy nahavita ny heloka. Mbola tsy atokisan' izy ireo ihany koa ny fitsarana satria ahiana ho votsotra ho azy ireo jiolahy na dia tsy mbola mahatapitra ny fe-potoana any am-ponja aza. Tsy voafehy intsony ny fandriampahalemana eto amintsika hoy ity solombavambahoaka ity ary mitaintaina ny mponina manoloana ireo tranga samihafa eto amintsika. Na nilamina aza ny fitifirana hoy izy dia tokony natao koa ny fifampiresahana mba tsy hitera-doza toy ireny. Nanamafy ihany koa ny solombavambahoaka Ramboasalama Emilien fa tsy voahaja intsony ny zon'olombelona ary tsy misy vidiny ny aina afoy toy ireny nitranga tany Ikongo ireny. Vokatry ny fahantrana sy ny fitiavantena io hoy izy ka tsy ny toerana nisy ny mpitandro ny filaminana tany Ikongo ihany no mena, fa efa menamena avokoa ny fiainan'ny vahoaka malagasy ankehitriny raha tsy hiresaka afa-tsy ny vidi-piainana tsy zakan'ny fahefamividin'ny vahoaka ankehitriny. Miandry izay tena fatokisana sy fanjakana tsara tantana sy hanjakan'ny fahamarinana ny vahoaka malagasy hoy izy ary ho tsaraina amin' ny fifidianana manaraka io amin'ny taona 2023.



*Ny depiote Fetra Razafitsimialona.*

***Ny Valosoa***

Faha-20 taonan'ny antoko TIM tany Soavinandriana

# Natomboka tamin'ny lalao baolina kitra ny fankalazàna

Mbola ao anatin'ny fanamarihana ny faha-20 taonan'n antoko Tiako i Madagasikara, dia hetsika ara-panatan jahantena no nanombohan'ny antoko Tim ny fankala zana tao amin'ny kaominina Soavinandriana, distrikan Manjakandriana. Zatovolahy 14 hatramin'ny 16 taona no nandray anjara tamin'izany izay notanterahina ta amin'ny kianja Ambalanirana ny sabotsy teo. Natao iza mba anehoana fa velona ny antoko hoy Rafredy filo han'ny komtim Soavinandriana ary tsy hijanona hatre akory ny hetsika fa mbola hitohy hatrany. Nilaza ihan koa ity filohan'ny komtim ity fa vonona hifidy sy hampan dresy ny antoko tim ny vahoakan'ny kaominina Soavi nandriana amin'ny fifidianana mifanesy eto Mada gasikara.

***Raj***

Mpianatra ao anatin'ny Grand Sud-Est Fédéral Fianarantsoa

# Manameloka ny vonomoka tany Ikongo

Nisalotra akanjo mainty ny Alakamisy 1 septambra lasa teo ireo mpianatry ny Oniversite ao Fianarantsoa ao anatin'ny Grand Sud-Est Fédéral izay ahitana an'i Vatovavy- Fitovinagny-Atsimo Antsignana, ho fisaonana sy fanehoana fiarahamiory amin'ireo mpiray tanindrazana any Ikongo, tamin'ny nahafatesana ain'olona maro ny alatsinainy teo . Manameloka ny famonoana na fanalana ain'olona amin'ny endriny rehetra izahay, hoy ireo mpianatra tamin'ny fanambarana nataon'izy ireo. Koa mangataka amin'ny fanjakana ny hanaovana fanadihadiana lalina amin'ity raharaha ity : ny amin'ny niandohany sy ny antony nampisy izao zavatra mampalahelo izao.
Tany tan-dalàna i Madagasikara, ka aoka hihatra amin'ny rehetra ny lalàna, hoy hatrany ireto mpianatra ireto.

***Helisoa***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00
gvalosoa@yahoo.com

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW

**Ny fizarana kits scolaires ho an'ireo ankizy miisa 200, avy amin'ireo vehivavy TIM Frantsa, natao tetsy Bel Air omaly.**




















SANGAN'ASA "ILAY TANANA VAOVAO"

# Aseho an-tsary manomboka anio etsy amin'ny Hakanto Contemporary

Fampirantina an-tsary ny sangan'asan'ireo mpanakanto teratany Malagasy vaovao miisa 4 mianadahy no ampahafantarina amin'ny fomba ofisialy etsy amin' ny efitranon'ny zavakanto "Hakanto Contemporary" Ankadimbahoaka. Seho an-tsary antsoina hoe "Nouvelle Main" mampiseho an'ireo zavatra rehetra niainan'ny vahoaka Malagasy hatrizay ao anatin'izany. Ohatra ny fivoarana ara-politika,ny fifampitondrana eo anivon'ny fiarahamonina,ny fivoarana ara-tsosialy,ny fomba fitaizana ny fianakaviana sy ny sisa.Trangan-javatra maneho ny zava misy niainan'ny fiarahamonina narakitra an-tsary mba ho lasa kanto novolavolain'ireto mpanakanto manaraka ireto : Rose Kely Ranarivelo, Andry Rasoloharivony, Fitiavana Ratovo, Sanka. Ny hetsika ara-kolotsaina




*Ireo mpandray amin'ny hetsika.*

tahaka itony dia mampiseho fa afaka miroso amin'ny sehatra matihanina ireo mpanakanto sangany eto Madagasikara ary mandrisika ny tanora mba hiroso bebe kokoa amin'ny fanandratana ny Kolotsaina Malagasy. Misokatra ho an'ny olom-pirenena rehetra no sady azo tsidihina etsy amin'ny efitranon'ny Hakanto Contemporary Alhambra Ankadimbahoaka ny sangan'asan'ireto mpanakanto vaovao ireto.

***Franck Razakambelo***

## TONONKALO

### Ny afomangan`ny Filoha

Afomanga ? izany ve ilay "ketrika" ho fanomezana?
Tena zavatra voadinika ? etsy kely ihomehezana !
Izany no hanodinan-tsaina sy hanambazana fiangonana,
Noho ny hetsi-panoherana sy karazam-pitokonana ?

Afomanga ? izany ve no vahaolana mandaitra,
Manoloana ny olam-piainana tena mafy sy mafaitra?
Moa hitondra hamamiana ka hanala ngidim-bava,
Sa vao mainka hampiaka-pofona ireo izay mandry fotsy lava?

Afomanga ? izany ve no tena mendrika hojerena?
Dia ahoana , moa tsy hasiana ilay fisaonam-pirenena,
Manoloana ireo vahoaka novonoina tamim-basy,
Sa dia efa niova be ny kolontsaina Malagasy ?

Afomanga ? mandiniha re ry mpitondra tia mampiesona,
Fa matoa nijoboka io dia tokony ho fakana lesona.
Aza dia ny rendrarendra no hany atao ho lohalaharana,
Fa raha `zay no mbola hitohy dia ny krizy tsy hifarana !


**TSIMIMALO (01-09-22)**

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

**Helisoa, R. Na, Njaka**

**Ireo mpianatry ny oniversite ao anatin'ny Grand Sud Est Fianarantsoa nanameloka ny famonoana olona tany Ikongo.**







FIANGONANA ZANDRINY IRAY

## Pasitera veta nanolana tovovavy miisa 3

Nisehoana trangan mampalahelo sy mahamenatra indray, tamin'ireo fiangonana antsoina hoe : Fiangonana Zandriny ireny. Pasitera veta iray no nosamborin'ny polisy, fa nanolana tovovavy miisa 3 mpivavaka tao amin'ny fiangonana notantaniny. Ireo tovovavy naolan'ingahy Pasy ireo dia 13 taona, sy 18 taona, ary 19 taona. 34 taona kosa ity Pasitera ity, manaraka sy manaiky azy ireo mpino ary tonga hatrany amin'ny fanararaotana ara-nofo ireo olona mivavaka ao aminy izany. Nanao fitarainana tany amin'ny Polisy ireo tovovavy 3 naolany, natao ny fanadihadiana, voamarin'ny mpitsabo fa nisy ny fanolanana nahazo azy ireo. Nosamborina avy hatrany ity Pasitera milaza ihany koa fa Prôfety ity. Ankoatra ny asa fanararaotana nahazo azy ireo dia nasain'ity Pasitera ity nihira sy nandihy teny amin'ireo toerana be olona ireny ihany koa izy ireo, ka ny vola azo tamin'izany dia lasan'ny Pasitera avokoa. Natolotra ny fampanoavana afak'omaly ity olompiangonana vetaveta, mpanararaotra ara-nofo ity, ary nidoboka amponja vonjy maika eny Antanimora.



Ilay Pasitera, mpanao fanararaotana ara-nofo ihany koa.

**Stefa**

Faritra Menabe : asan-dahalo

## Teratany Vahiny iray sy Malagasy 3 maty

Mirongatra tanteraka ny asan-jiolahy ao amin'ny distrika telo ao anatin'ny faitra Menabe dia ny distrikan'ny Morondava sy Mahabo ary Belo sur tsiribihina. Ny alin'ny alakamisy 01 Septembre hifoha zoma dia olona miisa 3 no maty voatifitra basy sy voatsindron'antsy , ka teratany Armenianina mizaka ny zompirenena frantsay ny iray izay voatifitra nandritra ny fanafihan-dahalo tao amin'ny fokontany Ankijàbe, kaominina ambanivohitra Bemanonga distrikan'i Morondava . Dahalo maherin'ny dimampolo mitondra basy no nanafika tao tokony tamin'ny dimy ora sasany maraina ary nitifitra ka nahafaty ilay teratany vahiny sy Zama iray sy nangorona omby tao an-tanana. Efa any antoerana manara-dia moa ny mpitandron'ny filaminana ary tamin'ny fotoana nanoratana ity lahatsoratra ity dia efa miady amin'ireo dahalo ary araka ny vaovao voaray dia efa misy ny lavon'ny mpitandron'ny filaminana. Olona 4 koa no voatsatok'antsy mbola io alina ihany tao amin'ny kaominina ambonivohitry Morondava ka maty ny iray izay lehilahy 61 taona voatsatoka antsy tao amin'ny fokotany Tsimahavaokely, Manaraka fitsaboana ao amin'ny hopitaly manarampenitra kosa ny roa izay mpitarika posy voatsatoka antsy tamin'ny masony avia sy ny tarehiny. Lehilahy 30 taona voalaza ho mpiambina tranona pastera ny iray izay voatsatoka teo amin ny vavoniny, raha efa namonjy fodiana kosa ny iray izay lehilahy 26 taona voatsatoka antsy teo ambanin'ny fony. Manao antso amin'ny mpitandron'ny filaminana ny mponin'i Morondava amin'izao tranga mampihoron-koditra izao satria azo eritreretina fa vokatry ny fahasahiranan'ny vahoaka sy ny tsy fisian'ny jiro amin' ny alina izao tranga izao Hatreto dia ny distrikan'ny Miandrivazo irery no mandry fahalemana amin'ireo distrika dimy izay mandrafitra ny faritra Menabe. Ny mahagaga ny maro dia toa afindra toerana avy hatrany ireo mpitandro ny filaminana izay mavita mampilamina ao Menabe Toy ny nisy teo amin'ny fibaikoana ny zandary tao Menabe dia miseho koa izany any Miandrivazo satria dia hafindra toerana koa ireo Chef de poste ao amin'ny distrikan'ny Miandrivazo. Koa manao antso avo ireo ben'ny Tanana sy ny solombavambahoaka ao amin'ny distrikan'ny Miandrivazo ny mba ireo tsy mahavita ny asany no hesorina , fa tsy ireo mahavita ny adidy sy andraikitra nankinin'ny fanjakana sy ny vahoaka aminy.



Ny vatana mangatsiakan'ilay teratany vahiny.

**Rajepa**

Analalava : Fikambanana FILEA

## Tadiavin'ny mpitondra any an-toerana ho ravàna

Feno 11 taona ny Association FILEA na ny Fikambanana Lemaka Angoaka Sud izay fikambanana tokana nahazo alalana tamin'ny ambarantongam-pahefana tamin' ny taona 2011 hitantana sy hanara-maso ny lemaka lehibe ao Andengondroy, fokontany Ambatofalio, kaominina Angoaka Sud, disitrikan' Analalava. Nomarihina tamin'ny 31 aogositra teo ny ivon'ny fankalazana ny tsingerintaona niforonan' izy ireo. Misedra olana anefa ity fikambanana ity ankehitriny, dia ny tsy fananan'izy ireo mpiahy ka miteraka fahavoazana lehibe. Velarantany 2000 Ha no hita amin'ity lemaka ity fa 600 Ha ihany no voatondraka sy azo iasana hatreto satria tohadrano na "barrage" vita amin'ny tany ihany no enti-manondraka ny tany. Etsy ankilany koa tsy ampy anondrahana azy ny reniranο Tsiribihina ka mangetaheta ny hitarihana rano avy amin'ny renirano Sofia ireo mpamboly mba hahazoana vokatra tsara sy hahafahana mamatsy ara-tsakafo. Mba miangavy Atoa Filoham-pirenena, Minisitry ny Fambolena mba hijery akaiky anay fa tena sahirana izahay amin'ity taninay ity, hoy izy ireo. Tany tokony hamokatra tsara ary antenaina hampihena ny fanafarana sakafo avy any ivelany ity toerana ity. Mahatsiaro lavitra andriana sy toa zanak' ikala hafa izahay satria tsy nisy mpijery hatramin'izay. Ny olom-boafidy aty aminay rahateo tsy miaraharaha anay fa ny hampahory anay no tena imasoan'izy ireo , ka mahatonga anay mitaraina", hoy hatrany ny antsoantson'ireo mpikambana ao amin'ny FILEA. Tantsaha mpamboly miisa 1600 avy amin'ny fokontany 04 dia Angoaka Sud, Antanamifafy, Ambatofalio ary Antsakoabe no mivondrona amin'ny fikambanana kasain'ny olomboafidy any ifotony ho ravàna ity. Voalaza ho antony tsy aneken'ny mpitondra any an-toerana an'ity fikambanana ity dia ny tsy fisian'ny soniany amin'ny fangatahana hanganana ity vondron'ny tantsaha ity satria mbola tsy teo amin'ny fitondrana izy ireo tamin'izany fotoana , ka tadiavin'izy ireo harodana mba hanangana indray ny misy sonian'ny tanany. Eo ihany koa ny filazany fa tsy misoratra amin'ny fikambanana fa amin'ny anaran' olom-bitsy hoy izy kanefa nahazo fankatoavana tamin'ny anaran'ny fikambanana ity FILEA ity.

**Helisoa**

Vahinintsika androany, Jack Thierry

## Olon'ny Mozika, tia manao fanamby goavana

Hajambololontiana Jack Thierry, no tena anarany. Endrika sy anarana tsy atoro fa hita eo amin'ny habaky ny mozika sy ny fikarakarana seho ara-java-kanto i Jack Thierry. Tany amin'ny taona 1991 izy no nanomboka nisehatra tamin'ny lafiny fitendrena zavamaneno (Gitara beso) tany anatin'ireo fanafanana lanonana marolafy tahaka ny Alim-pandihizana. Nitohy ny Dia ho an'ny lehilahy tamin'ny fiaraha-mitendry tamin'ireo « Orkestra » maro fanta-daza teto an-tanàna toy ny « Orkestra Sariaka ». Tsy vitsy ihany koa ireo tarika efa niarahan'i Jack Thierry niasa. Singanina amin'ireny ny Groupe « Soleil ». Ireny lalana nodiaviko rehetra ireny, hoy i Jack Thierry no toy ny Sekoly sarobidy sy tokana aman-tany namolavola ny talentako sy nahafahako nanatevina miandalana ireo traikefa ombana haizatra eo amin'ny lafiny mozika. Mankafy ny feo migobona (Basse) ny lehilahy ary io fankafizana io, no naharoboka tanteraka azy handalina hatrany ny tontolon'ny gitara beso.
Ankoatry ny maha mpitendry zavamaneno azy. Nandalina ny lafiny fandrindrana hira sy ny fikirakirana ny feo ihany koa i Jack Thierry. Teraka tany amin'ny taona 2004, araka izany, ny « Eto Studio » izay trano fandraisam-peo anisan'ny raitra tokoa eto Ananarivo ankehitriny. Nivelatra hatrany ny sehatrasan'ny lehilahy ary nipaka tamin'ny fikarakarana seho ara-javakanto sy ny famolavolana « artistika » ireo « Mpanao kanto » maro izany taty aoriana.

### Tia manao fanamby goavana

Mampiavaka an'i Jack Thierry ny fitiavany manatontosa fanamby lehibe eo amin'ny fiainana. Anisan'ireny ny namokarany ny kapila mangirana « Inty no izy », izay nirakitra ireo sanganasan'i Dadagaby « Ny Voninavoko ». Natao ny fanajariana azy iny, hoy i Jack Thierry mba hametrahana amin'ny toerana mendrika sy sahaza azy ny « Vakodrazana » sy ny « Hiragasy » mampiavaka ny an-kibon'Imerina ary nahafahana nanatanteraka ara-bakiteny ilay hoe : « Vakodrazana mampierika » ihany koa ny kapila « Inty no izy », hoy hatrany ny lehilahy. Fanamby lehibe tontosan'i Jack Thierry ankoatr'izany ny nampahafantarana ny « Batrelaky », izay novoizin'i Lôla sy ny fanatontosana ilay seho goavam-be niarahana tamin'ireo mpanakanto niisa 42, tetsy Antsonjombe. Nanterin'i Jack Thierry hatrany nandritra ny tafa nifanaovana taminy, fa mitaky fahamatorana sy finiavana ary finoana matanjaka ny fiatrehana ny famakivakiana ny lalan-tsarotry ny mozika raha tiana ny hahazoana fahombiazana.

**Lalasoa Razafindrakoto**



Jack Thierry, Vary sy Rano izy sy ny mozika.

« Handball 18e CAN Cadets Masculins, Rwanda 2022 »

## Andro faha-3 ny fifaninanam-bondrona omaly zoma

Andro faha-3 farany ny fifaninanam-bondrona omaly zoma 2 septambra 2022 eo amin'ny fifaninanana « Handball 18e CAN Cadets Masculins, Rwanda 2022 » ka nahitana ny fandaharam-potoana : 11h GMT : Ouganda – Burundi 13h GMT : Égypte – Madagascar 15h GMT : Maroc – Libye 17h GMT : Rwanda – Algérie l Maroc sy Algérie izay efa samy nahazo fandresena indroa avy no tafakatra hiatrika ny lalao ankatoky ny famaranana izay ho tontosaina rahampitso alahady 04 septambra 2022 ao amin'ny kianja . Marihana fa ny lalao famaranana amin'ity fifaninanana ity dia ho tontosaina amin'ny talata 06 septambra 2022 ho avy izao.

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 13/08/2022 hatramin'ny 20/08/2022**

- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1339-09-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

KAOMININA AMBOHITRIMANJAKA

# Ampy hiatrehana ny main-tany ny famatsian-drano

Tsy misy atahorana ny famatsian-drano ho an'ny fambolembary (Vary aloha) ho an'ny taona 2022, hoy Andriamatoa Rabemananjara Rado Lalaina, Sekretera jeneraly eo anivon'ny Kaominina Ambanivohitra Ambohitrimanjaka distrikan'Ambohidratrimo. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa hizotra am-pilaminana ny tetiandro fanondrahana an'ireo tanimbary amin' ireo Kaominina miisa 3 manodidinan'Ambohitrimanjaka avy amin'ny renirano Sisaony ary tsy hiova ny fitsinjarana ny rano isaky ny 15 andro, ho an'ny Kaominina tsirairay. Ankoatra izany, nanambara Andriamatoa Radolalaina, fa efa vita ireo toha-drano andalovan'ny Reniranon'Ikopa mihazo an'i Betsimitatatra ary mbola betsaka ny "Reserve" na tahirindrano amin'ireo lohasaha eo anivon'ny Kaominina, noho ny fisian'ny ranon' orana betsaka nandritra ny taona lasa. Nanamafy ny Sekretera jeneralin'ny Kaominina Ambohitrimanjaka, fa tsy hanana olana ny orin'asa tsy miankina iray mpamatsy rano fisotro madio amin'ny fari-bohitra Ambohitrimanjaka amin'ity taona ity noho ny fahabetsahan'ny rano ao ambanin'ny tany ary tsy ho sahirana amin'ny famatsian-drano ny isan-tokantrano, satria efa miaina amin'ny fanaovana lava-drano ny ankabeazan'ny mponina eny an-toerana . Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa hametraka "Borne fontaine" miisa 3, hiatrehana ny andro fahavaratra ny fiadidian'ny Kaominina Ambohitrimanjaka, miara- miasa amin' ny teknisianina Sinoa, mba hahafahana manatsara ny famatsian-drano ho an'ny vahoaka. Miezaka manentana ny mponina mba tsy hanototra intsony an'ireo lohasaha hanamboarana trano ny fiadidian'ny Kaominina manomboka izao, satria toerana iray afaka mitahiry rano ny lohasaha.




*Ny biraon'ny kaominina Ambohitrimanjaka.*

***Franck Razakambelo***

Vitrine du Vakinankaratra

# Ho tanterahana any Antsirabe ny 08 ka hatramin'ny 10 septambra

Ao aorian'ny JMJ Mada X, hetsika ara-pinoana amin'ity herinandro ity, hetsika ara-toekarena indray no hatao ao an-drenivohitr'i Vakinankaratra ny herinandro ho avy io. Ho tanterahana any Antsirabe ny 08 ka hatramin'ny 10 septambra ho avy izao, ny hetsika ara-toekarena Vitrine du Vakinankaratra andiany faha-24. Nambaran'ny mpikarakara, fa hampiharenan-doha ny orinasa sy ny harin-karena no anisan'ny tanjona amin'izany, tao aorian'ireny krizy ara-pahasalamana nihàtra tamin'ny firenena ireny, ka nisy fiantraikany be tamin'ireo orinasa samy hafa eto amintsika. Mpikarakara izao hetsika izao hatramin'izay ka hatramin'izao ny Fiova, na ny Fivondronan'ny Orinasan'i Vakinankaratra, tarihan'ny filohany Ramarojaona Andrianjafy. Tranoheva mihoatra ny 200 no hanao fampirantiana amin'izany, ary mpitsidika manodidina ny 1 alina any ho any, no handrasana hoy ihany ny mpikarakara.

***Aly***




*Hetsika Vitrine du Vakinankaratra tamin'ny andiany teo aloha.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 402**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0401)

***Mitsivalana***
- Pataloha
- Akalana
- Rano – Ilo
- Antsa – At
- Sata
- Inri – Ory
- Rava
- Ma (miv)

***Mitsangana***
- Paraky
- Naka (miv) – RN (miv)
- Tantara
- Sola (miv) – IV
- La – As
- Ony – Ao
- Halatra
- Miato (miv)

### TENY MIFANARAKA N° 402




**Mitsivalana**

**1.** Mitovy amin'ny masina – Notanterahina vao haingana **2.** Foto-tenin'ny fanadinana (miv) – Bengy **3.** Sahala – Lavitra (miv) **4.** Amboarina tsara – Kianteny (miv) **5.** Efa miomana tsara – Tao **6.** Taova – Ao amin'ny Boky **7.** Mampitovy ny akoho sy ny akanga – Rainy **8.** Nanohana (miv) – Hery sy tanjany (miv) **9.** Toerana – Ao amin'ny fery **10.** Fanomezana ara-bola

**Mitsangana**

**A.** Bota – Maneno, manako **B.** Manahirana (miv) – Toerana **D.** Foko **E.** Salama (miv) – Ambany **F.** Mandalina maharitra (miv) **G.** Vizana – Hita ao amin'ny zipo **H.** Tsy lavitra – Fanafody **I.** Maneho fanoherana – Vorona **J.** Rango-pohy (miv) – Mpanoritra **K.** Hamerezana

### Valiny Teny mifanaraka 0401

**Mitsivalana**

**1.** Ampelatovo **2.** Koa – Enina **3.** Ody – Ota – Zo **4.** Nino – Mav(o) **5.** Dago – Kaina **6.** Kanety **7.** Atao (miv) – Raràn(a) **8.** Orana – Ana **9.** Akaton – Ry (miv) **10.** Sa – Trano (miv)

**Mitsangana**

**A** Akondro – As **B.** Modia – Aoka **D.** Paingotra **E.** OO – Aato **F.** Leo – Non(o) **G.** Antakarana **H.** Tia – Ana – Ar **I.** No (miv) – Miera **J.** Vazantany **K.** Ovainare(o)

" BWB Africa 2022"

## Nahazo ny MIP indray i Mathias tany Egypte



Nifarana tamin'ny alarobia 31 aogositra 2022 ny fiofanana basikety "Basketball Without Borders - BWB Africa 2022" natao tany Le Caire Egypte nandritra ny 4 andro notarihin'ireo Kintan'ny Basketball sy Mpanazatra kalaza maro avy amin'ny NBA (National Basketball Association) ary ireo Teknisiana avy amin'ny FIBA ka taorian'ny fiofanana , dia voasafidin'ireo mpikarakara sy mpampiofana ho "Mpilalao nisongadina nahitana fivoarana indrindra nandritra ny fiofana" izay nosalorana ny Mari-pankasitrahana Mendrika antsoina hoe "MIP « Most Improved Player Award » i Mathias M'MADI . Nisongadina toy izay ihany koa Andriatsarafara Lova kapitenin'ny Ankoay U 18 izay tafiditra ho an' isan'ireo mpilalao voatsonga nanao ny Lalao famaranana nandritra ny lalao tsapa ho an'ireo mpandray anjara teo ampamaranana ny fiofanana. Amin'ny 11 hatramin'ny 13 ôktôbra 2022 dia hampiantrano ny "Fiba Regional Youth Camp" i Madagasikara izay fiofanana Basketball ho an'ireo tanora, "Camp de Basketball" karakarain'ny FIBA Afrique sy NBA izay hatao ao amin' ny « Palais des Sports Mahamasina . Nankasitrahan'ny mpikarakara ny BWB Africa 2022 i Mathias.

***Rainilita***

Rugby Makis à 7 vehivavy

## Notoloran'ny XXL fanomezana manokana




*“Ladies Makis Sevens” teny Andraharo.*

Amin'ny maha zava-pisotra manome tanjaka sy manohana ny fanatanjahantena azy, ny XXL dia manohana ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny baolina lavalava sokajy vehivavy na ny izay hanatrika ny fifaninanana iraisam-pirenena “Rugby workd Sevens 2022”, lalao izay karakarain'ny “Word Rugby”, vondrona mifehy ny taranja baolina lavalava maneran-tany. Ny lalao dia hanomboka amin'ny 09 ka hatramin' ny 11 septambra 2022 ho avy izao any Afrika Atsimo. Taorianan'ny “Africa Women's 2022” ny volana aprily lasa teo, dia hita fa nisongadina ary nanamarika ny tantaran'ny baolina lavalava ny “Ladies Makis Sevens” ary tamin'izany no nahazoany ny tapakina hanatrehana ny lalao maneran-tany izay ho tanterahinha amin'ity volana ity. XXL amin'ny maha mpanohana ôfisialy ny vondrona Malagasy amin'ny lalao baolina lavalava azy dia nanolotra zava-pisotro Star sy fitaovana ara-panatanjahantena XXL ary lelavola mitentina 24 tapitrisa ariary ny Makis à 7 vehivavy mba ho fanohanana azy ireo sy hoentiny miatrika an'io “coupe du monde de rugby à 7 féminin” omaly zoma 02 septambra 2022 teny amin'ny foibe Star Andraharo. XXl dia manana fijery mitovy amin'ny “Ladies Makis Sevens” amin'ny fampisehona fa tsy misy mafy tsy laitra ny zoto hanatanterahana ny nofinofy ka izany no anisan'ny nandrisika azy hanohana azy ireo. Tamin'io omaly zoma io ihany koa, nandritra ny valan-dresaka hoan'ny mpanao gazety nataon'ny Malagasy Rugby sy ny XXL, no nanambaran'ny filohan'ny Malagasy Rugby tamin'ny mpanao gazety fa : i Australie no hihaona voalohany amin'ny “Ladies Makis Sevens” amin'ny alahady 04 septambra ho avy izao ka azo resena tsara izy ireo satria sahirana be amin'ny fomba filalaon'ny vehivavy Malagasy izay mbola tsy tena fantatr'izy ireo tsara loatra hatreto. Tombony ho antsika izay, hoy izy, ny tsy nanaovana lalao Sparring tany ivelany tsy nahitan'ireo mpilalao mpifanandrina ny teknikantsika. Amin'ny alahady vao maraim-be amin' ny 2 ora no hanainga hihazo an'i Afrika Atsimo ny delegasiôna Malagasy ahitana olona 19 ho tarihan'Atoa Rakotomalala Marcel ka ahitana mpilalao 12 ao anatiny. Ireo mpilalao 2 tsy handeha amin'io Mondial io kosa dia hiatrika ny “Tounoi Seven” Atsy La Réunion amin'ny 17 sy 18 septambra 2022 ho avy izao.

***Rainilita***

“Football for Schools”

## Seminera nokarakarain'ny CAF




*Delegasiôna Malagasy tany Afrika Atsimo.*

Nifarana ny alakamisy 1 septambra 2022 teo ny seminera rejiônaly nokarakarain'ny CAF “Confédération Africaine de Football” sy ny COSAFA “Conseil des Associations de Football en Afrique-Australe” nahakasika ny F4S “Football for schools” Notanterahina tao Afrika Atsimo nanomboka tamin'ny alarobia 31 aogositra 2022 lasa teo. Nanatrika an'izany ny delegasiôna Malagasy notarihan'ny Tale Jeneralin'ny Fanatanjahantena eo anivon'ny MJS notronin' ny solotena iray avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy ireo mpikambana eo anivon'ny FMF notarihan'ny filohany, Atoa Andrianony Victorien. Ny « Football For Schools » dia tetikasan'ny FIFA izay hahafahana mampiditra ny taranja baolina kitra sy mampita ny fanabeazana, fampandrosoana ary fahaleovan-tenan'ny ankizy ao anatin'ny rafi-panabeazana any an-tsekoly.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Saosisy sy anandrano indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao saosisy vita amin'ny henomby, azo atao saosisy vita amin'ny henakisoa. Tsara raha hasiana lasary karaoty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny ranona coco na voanio



Ny soa azo avy amin'ny ranona coco na voanio indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tsara ny misotro ranona coco indray mandeha isan-kerinandro fara fahakeliny, fa betsaka ny soa azo avy aminy, na intelo isan-kerin'andro aza mbola mety, fa aza hatao mihoatra ny coco anankiroa raha olondehibe. Omeo ihany koa ny zaza :

-Manankarena potassium ny ranona voanio.
-Misoroka ny hypertension artérielle na tosi-drà avo.
-Raha nihinana sakafo masira loatra dia ny ranona coco no manala ilay sira be.
-Mampidina ny tahan'ny mauvais cholesterol, na ny menaka ratsy amin'ny vatana.
-Manampy be ny fikorianan'ny rà ao amin'ny fo.
-Manala ny rarintsaina na stress.
-Miaro amin'ny fiforonan'ny vato amin'ny voa.
-Manatsara ny fandevonan-kanina.
-Manatsara ny hoditra.
-Mampitombo ny hery fiarovana amin'ny vatana.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambatosoratra any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ambatosoratra any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatosoratra ity tanàna ity, iray amin'ireo ,kaominina miisa 20 mandrafitra ny dsitrikan'Ambatondrazaka. Any afovoany avaratry ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy satria 800 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Toy ireo kaominina any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka, mpamoka-bary ny any Ambatosoratra. Vokatra any koa ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Mpiompy akoho amam-borona koa ny any Ambatosoratra. Misy garana fiaran-dalamby any an-toerana.

